TFNAC : Task Force Nationale de l'Agriculture de Conservation

Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture



VOLY RAKOTRA

Faritra afovoany andrefana

# Fifandimbiasam-boly Katsaka sy amberivatry ary voanemba



Ity torolalana ara-teknika ity dia nalaina avy amin'ny torolalana novokarin'ny GSDM, novatsian'ny AFD/MPAE ara-bola, nohamafisina tamin'ny traikefa sy ireo torolalana avy amin'ny BVPI SE/HP, SDMad sy ONN, ary nohatsarain'ny TFNAC/FAO avy amin'ny alalan'ny famatsian'ny USAID tamin'ny fijerevana manokana ny lafin'ny fiovan'ny toetrandro, ny fajariantsakafo sy ny miralenta.
Ity torolalana ity dia mikendry manokana ny faritra Afovoany Andrefana eto Madagasikara ary notsoahina avy amin'ny traikefa hita sy azo manodidina ny ditrstikan'i Mandoto.

**Zava-misy amin'ny ankapobeny**

- Mizaka ny fiovan'ny toetrandro
- Mihasimba hatrany ny tontolo iainana
- Mihanaka ny ahidratsy indrindra ny Striga
- Tratry ny tsy fanjariantsakafo ny mponina















**Tanjon'ny toro-lalana ara-teknika:**

- Hanohanana ny fiatrehana ny fiovan'ny toetrandro
- Hanatsarana sy hampitomboana ny vokatra
- Hahazoana vokatra isankarazany amin'ny tanimboly iray
- Hanatsarana ny firafitra sy ny fahalonaky ny tany ao anatin'ny fotoana fohy
- Hiadiana amin'ny ahidratsy sy ny arema Striga

**Tsy mifanaraka intsony amin'ireo zava-misy sy tranga ireo ary tsy ahafahana manatsara ny vokatra ny fanaovana ny voly tokana eo amin'ny tany iray.**

**Fomba mahazatra** : miasa tany, tsy misy fifampivadiana sy fifandimbiasamboly, miandry orana vao mamboly.

**Olana** : kaohan'ny riaka ny nofontany ary miha-kotra haingana, mahazo vahana ny aretina sy ny bibikely, mirongatra ny arema

**Vahaolana** : mampiasa voly mandrakotra ny tany, mampihena ny ahidratsy, manatsara ny tsiron'ny tany








**Fampivadiana ny voly katsaka sy amberivatry ary voanemba**

**Tanjona:** Mamboly ny amberivatry sy ny voanemba anelanelan'ny katsaka mba ahazoana vokatra sy rakotra

**Katsaka :** mailaka na zanatany mamokatra — sy — **Voanemba :** SPLF2, SPLM Morondava, CNC 870-7E, na zanatany mandady — sy — **Amberivatry =** ***Cajanus cajan***

**Elanelan'ny voly**






## Ny atao

Volena mialoha araka izay azo atao, sy miaraka, farafahatarany 15 desambra

| | Katsaka | Voanemba | Amberivatry |
|---|---|---|---|
| Fatra masomboly izaky ny 10 ara | 2,5 – 3 kg | 2,5 – 3 kg | 4 – 5 kg |
| Masomboly isan-davaka | 2 | 2 | 2 |
| Halalin'ny famafazana | 2 – 3 sm | 2 – 3 sm | 2 – 3 sm |

**Fitondrana zezika isan-davakin'ny katsaka :**

- eo ampambolena : zezi-pahitra na komposta 500 kg, sy NPK (11.22.16) 8 - 15 kg
- 25 andro ao aorinan'ny fambolena : urée 5-8 kg

**Fiotazana :**

Otazana ny katsaka, ny voanemba sy ny amberivatry rehefa matoy

Tsara kokoa raha averina eo an-tanimboly ny sisam-bokatra

## Fitandremana sy fetra

Fidio ny tany tsara, tsy misy andrin-tany, tsy mifatratra, tsy miangon-drano, tsy misy arema be loatra

Ilaina ny fiarovana ny masomboly amin'ny bibikely sy aretina (ohatra insector 4 g na gaucho 2,5 g, isaky ny katsaka 1 kg, Thirame 4 g isaky ny voanemba 1 kg)

Tsara ny mampiasa zezi-pahitra na komposta, ampiana zezika simika miankina amin'ny fahafahana

Fafazana fanafody ny voanemba sy amberivatry, alohan'ny fotoana famelanana raha tiana ny ahazo voa sy rakotra (toy ny cypermethrine 25 ml/10 ara)

Tsy tokony hiraofan'ny omby ny tanimboly

## Fanomanana ny rakotra ho an'ny voly manaraka

Tombohana ifotony amin'ny angady ny amberivatry ary adaboka ny taho-katsaka, tapa-bolana alohan'ny fotoam-pambolena manaraka

Tsy alavo avy hatrany ny taho-katsaka avy niotazana mba tsy ho potiky ny aboaly (termites)

Volena ao anaty sisam-bokatra avy eo ny voly manaraka : vary, katsaka, apemba…, miaraka amin'ny voly fanao rakotra (voanemba, antaka, tsiasisa, mucuna,…)

Mora levona ny legiominezy, ka mety hirongatra ny ahidratsy, izay tsy maintsy fehezina : kapaina na mampiasa fanafody famonoana ahitra

### Diarim-pambolena

| |
|---|
| Novambra |
| Desambra |
| Janoary |
| Febroary |
| Martsa |
| Aprily |
| May |
| Jona |
| Jolay |
| Aogositra |
| Septambra |
| Oktobra |

Mamboly katsaka + voanemba + amberivatry

Maniry ny voly


Manomboka mioty ny voly

Mitohy maniry ny amberivatry

Tombohana ny sisam-bokatra hanomanana ny fambolena manaraka











# TOMBONTSOA METY HO AZO

- Mitombo ny vokatra azo
- Mandrakotra sy miaro amin'ny fikaohan'ny riaka ny tany
- Mamokatra karazam-boly hiatrehana ny fiovan'ny toetrandro
- Mamokatra rakotra legiominezy manatsara ny tsiron'ny tany sady mitondra azota
- Mamokatra amberivatry, manana vahatra mantanjaka, mamaky andrin-tany, maniry sy mandrakotra mandritra ny maintany.
- Mamokatra voly fihinana isan-taona.
- Mamboly maharitra amin'ny toerana iray.



- Azo antoka ny fiahiana ara-tsakafon'ireo fianankaviana marefo amin'ny mosary.
- Mihena ny tahan'ny tsy fahampiana singam-pamelona noho ireo vokatra isan-karazany izay vokarina.

- Mora kokoa ny andraikitry ny vehivavy eo amin'ny fiotazana satria hita eo amin'ny toerana iray avokoa ny vokatra samihafa.
- Mihakely ny fotoana lanin'ny vehivavy amin'ny asa fikarakarana an-tsaha ka ahafahany misahana kokoa ny asa an-tokantrano.

## Lasopy avy amin'ny katsaka, amberivatry, voanemba

**Zavatra ilaina**

-katsaka voatoto
-Voanemba, Ambatry
-Tongolo
-Sakamalaho, votabia, séleria
-Sira, menaka




**Fikarakaraina**

**-**Tsara raha alona mialoha ny voamaina rehetra: tapak'andro farafahakeliny mba ialan'ireo singa mavesatra ao anatiny.
-Andrahoina 20 mn mialoha ny katsaka ary avy eo vao arotsaka ny ambatry sy ny voanemba.
-Endasina mitokana ny tongolo sy ny voatabia, ary avy eo vao afangaro miaraka.
-Rehefa malemy ny katsaka sy ambatry ary ny voanemba vao arotsaka ny séleria mba hanome ny hanitra hampahazoto homana.

**Mahasolo vary ary mitondra ireo singa ilain'ny vatana indrindra hoan'ny ankizy ary ny reny bevohoka.**

Mpiara-miombon' antoka :

Mpamatsy vola :